# Fantaro ny volobe

## Manimba tany ve?

**TSIA, tsy manimba tany ny volobe.**

- Misy karazany roa ny volobe. Misy ireo sarotra fehezina sy mihitatra amin'ny faka ambanin'ny tany (ireo volo kely taho). Misy ireo maniry mitsitokotoko isam-pototra ary tsy mihitatra raha tsy afindra (ireo volo lehibe taho);
- Mandonaka tany ny volobe;
- Miaro ny tany tsy ho kaohin'ny riaka;
- Mampiakatra sy tsy mandritra ny rano ambanin'ny tany ny volobe.

## Misy karazany ve?

ENY, misy 40 mahery ny karazany eto Madagasikara ankehitriny.

- Ao ireo **volo madinika** fanaovana fanaka (Phyllostachys aurea) sy fanaovana garaba (Valiha diffusa).
- Ao ireo **volo vaventy mafy** anaovana trano, fanaka, saribao (Dendrocalamus giganteus, Dendrocalamus asper) sy **malemy** kokoa (Bambusa vulgaris var striata).
- Misy ihany koa ireo **volo vaventy vao nampidirina** teto Madagasikara vao haingana ka azo anaovana trano, fanaka, saribao, sakafo (*Bambusa balcooa, Bambusa tulda, Dendrocalamus brandisii, Dendrocalamus strictus, Bambusa bambos sns)*

➜Ireto volobe voalaza farany ireto dia mahatratra 10 cm no mihoatra ny savaivony ary mahatratra 5 ka hatramin'ny 30 m ny haavony.



## Inona no azo ampiasana ny volobe ?

- **Angôvo:** saribao, birikety;
- **Asa tanana:** haingo isankarazany, fanaka;
- **Fanaovantrano, tetezana**, etc;
- **Fitaterana:** vahatra, lakana
- **Sakafom-biby:** omby, akoho, trondro, bitso, sns;
- **Sakafon'olombelona:** tsiry;
- **Fiarovana ny tontolo iainana:** fiarovana amin'ny riaka, fiarovana ny ala amin'ny fikapana hazo;
- **Mozika:** valiha, korintsana, sodina...
- **Hafa:** taratasy, fanafody, fanatsarana tarehy, lamba, sns.

Samy manana ny fomba azo ampiasana azy ny volobe arakaraky ny karazany.

## Firy taona vao mahazo vokatra?

- **Telo taona** aorian'ny nambolena azy dia afaka manomboka anapahana ny volobe;
- Raha anaovana trano kosa dia mila miandry azy matoy tsara: mihoatra ny 4 taona.
- Mitombo isantaona ny vokatra mandra-pahatongan'ny fahamatoran'ny fototra volobe ka mety hahafahana manapaka tahony hatramin'ny 2500 isa/taona/hekitara izay milanja hatramin'ny 25 - 30 taonina.

FANOITRA

INBAR
INTERNATIONAL NETWORK
FOR BAMBOO & RATTAN

**Mila fanazavana fanampiny ve ianao?**

**Manantona ary ny tetikasa PROSPERER amin'ny faritra misy anao.**

Tsidiho ny **www.bambou.mg**

FANOITRA

INBAR
INTERNATIONAL NETWORK
FOR BAMBOO & RATTAN

**PROJET BAMBOU**

# Ny fomba fambolena volobe



Dec 2017

# AHOANA NY FOMBA FAMBOLENA VOLOBE?

## Fisafidianana ny tany


- Tany tsy be vato,
- Tsy iandronan'ny rano,
- Mety kokoa raha tany somary misy fasehana (misy ampahana fasika kely) manamora ny fivelaran'ny fakany.

## Ny fotoana fambolena volobe

**Amin'ny fotoana fanombohan'ny fahavaratra no tena tsara:** volana desambra ka hatramin'ny febroary.

## Ny zanaka volobe

- Zanakazo matanjaka tsara, misy ravina maro sy faka misandrahaka tsara ary efa nozarina masoandro no ampiasaina;





- Zanakazo mahatratra 50 cm farafahakeliny;
- 4 ka hatramin'ny 9 volana taorian'ny namindrana azy tanaty pot plastika farafahakeliny;
- Tapahina ny antsasaky ny raviny tsirairay mba hialàna amin'ny fahaverezan'ny rano lasa entona;
- Zanakazo 400 isaky ny hekitara no ilaina.

➜ **TANDREMO:** mora maty ny zanakazo kely loatra


## Ny fanaovana lavaka

- **30x30x30cm ny halehiben'ny lavaka atao**




Ho an'ny tany karakaina sy lavitra rano ary ho an'ny zanakazo efa lehibe kokoa dia manao lavaka lehibe kokoa.


- **5m ny elanelan'ny lavaka roa**. Afaka ahena ho 3m arakaraky ny karazan'ny volobe anefa izany.
- **1 volana mialoha** ny fambolena no andavahana. Avahana ny tany ambony sy ny tany ambany. Ny tany ambony no averina mialoha rehefa manototra.




- **Tondrahana** ny zanakazo rehefa avy novolena.

## Zezika

- Afaka mampiasa zezipahitra 5kg isaky ny lavaka na NPK 50g
- Afaka mampiasa ranoka zezipahitra notapohina raha te hamelonaina ny zanaka volobe rehefa ilaina izany.




## Fikarakarana

- Mampiasa **rakotra maina** ho an'ny tany tsy ampy rano mba hitazona hamandoana.
- **Manala ahidratsy** indroa isantaona indrindra amin'ny fotoana be orana.
- **Manondraka** indray na indroa isanandro raha mafana loatra ny andro amin'ny fotoana voalohany nambolena, mandra-paniry tsara ny zanaka volobe.

## Aretina sy mpanimba

Tsy dia misy aretina mpanimba ny volobe eto Madagasikara. Kanefa raha sendra misy izany na misy bibikely dia mila manantona ireo mpivarotra fanafodimbibikely maka torohevitra amin'ny fanafody tokony ampiasaina.



Tandremo fa tena ankafizin'ny **omby** ny ravina volobe ka mila arovana noho izany.